Maroantsetra

# Tsy azo atao intsony ny sexy-show 6


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 24 septambra 2019 Laharana 957 Vidiny : 400 Ar


## Message urgent reçu à Madagasikara le 16/09/2019 5


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Ben'ny tanànan'Antananarivo 2

# Laharana faha-2 Rina Randrimasinoro



Politika sy fifidianana 2

# Ahiana amin'ny hala-bato indray ny Ceni




MPANAO GAZETY MBS 3

## Nodimandry ny alahady teo Herizo Rajaonarivony



Tarika Black Nadia 6

## Namoaka hira vaovao "Zaho tsy hisaraka"

Ady amin'ny asan-dahalo 6

## Dahalo 4 maty, omby halatra 100 tafaverina

Sambava 7

## Raràna ny mivarotra sy mividy solika ivelan'ny toby mpanjinjara

Daka kely

«Sans qualité» tokoa ialahy ry Boaikely matoa tsy lasa any New York a !

Arlette Ramaroson 5

## Voampanga ho manao ady heloka be vava tsy mandalo fitsarana ny mpitondra



BEN'NY TANÀNAN'ANTANANARIVO

## Laharana faha-2 ny kandidà Rina Randrimasinoro

Efa any Cameroun ny ila tongotry ny Barean'i Madagasikara amin'ny dingan'ny famaranan'ny CHAN 2020, na ny fiadiana ny ho tompon-dakan'i Afrika ho an'ny ekipam-pirenena taona 2020. Fotoan-dehibe teo amin'ny sehatry ny baolina kitra Malagasy sy ho an'ny firenena ny fihaonan'ny Barea sy Namibia tao amin'ny kianjaben'i Mahamasina ny alahady teo. Niady hatramin'ny farany ny Barea, ka nahatonga ny fandreseny ny Namibia tamin'ny isa 1 noho 0 teo amin'ny minitra farany. Vokatr' izany, naneho ny hafaliany ny vahoaka tia baolina kitra sy ny BAREA. Niara-nifampizara hafaliana tamin'ny mpitia baolina kitra tamin'izany ny sekretera jeneralin'ny



kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), Rina Randriamasinoro satria zava-dehibe ho an'ny CUA no nandray io lalao iraisampirenena io teo amin'ny kianjan'i Mahamasina, izay kianja iadidian'ny tanànan'Antananarivo. Niatrika izany i Rina Randriamasinoro satria tia fanatanjahantena izy, ny fanatanjahantena izay efa fiainany andavanandro mihintsy. Zava-dehibe hoy Rina Randriamasinoro ny fandresena azon'ny Barea, miarahaba ny Malagasy iray manontolo aho hoy izy satria rehefa misy ny firaisankina dia mahita fandresena isika. Marihina fa Rina Randriamasinoro no kandidan'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) amin'ny fifidianana ben'ny tanàna ho avy. Ankoatra izany, rehefa natao ny antsapaka teny amin'ny CENI amin' ny fifidianana ny 27 novambra ho avy izao, mitondra ny laharana faha-2 ny kandidàn'ny antoko TIM, Rina Randriamasinoro.

*Helisoa*

Arlette Ramaroson

## Voampanga ho manao ady heloka be vava tsy mandalo fitsarana ny mpitondra

Manoloana ny tsy fandriampahalemana misy eto amintsika, sy ny raharaham-pitsarana dia nanao fanambarana mahakasika izany ny mpitsara iraisam-pirenena teo aloha, Ramatoa Arlette Ramaroson. Très urgent, na tena maika hoy izy : ho an'andriamatoa Filohan' ny Repoblika sy ny governemanta izay tarihiny, ny antenimierampirenena sy ny ambaratongam-pitondrana rehetra.
Tompoko,
Voampanga eo anatrehan'ny Comité des droits de l'homme, na ny komitin'ny zon'olombelona ao amin'ny ONU, na ny Firenena Mikambana, fa Madagasikara dia manao crime extra judiciaire, na ady heloka bevava tsy mandalo fitsaràna amin' ny alalan'ny fihetsiky ny mpitandro filaminana ary



*Ny mpitsara iraisam-pirenena teo aloha, Arlette Ramaroson.*

anisan'ny nitranga tamin'ity taona ity izany, tamin'ny alalan'ny fandoroana ny tranon'ny tantsaha any Betroka ohatra, sy ny fandroahana azy mba hangalàrana ny taniny, satria misy harena an-kibonin'ny tany, izay homena ny mpandraharahan'ny firenena any ivelany, ka hisy famotorana ho ataon-dry zareo ONU amin'ny alalàny rapporteur special, momban'ny heloka bevava, na crime extra-judiciaire. Miendrika fanalàm-baraka ny filazàn-dry zareo fa tsy mihetsika ny fitondràna toy ny hoe miampanga anareo ho mpiray tsikombakomba izany aminay ary fahafam-baraka ho antsika izao fiampangàna izao. Mangataka ny fitondràna mba hitondra fanazavàna momba an'io sy famotorana haingana ary hanome sazy henjana mandra-pahafaty an'ireo mpitondra filaminana izay nahavita izany. Zon'ny vahoaka ny ampahafantarina sy ny mahafantatra hoy ny voalazan'ny lalàna iraisam-pirenena sy ny Constitution, na ny lalampanorenana, ka mangataka tsy atao ho toy ny tompon-trano mihono ny Malagasy, hoy ity fanambarana ity.

*Nangonin'ny Ny Valosoa*

Anosizato Andrefana

## Mersenera politika ny kandidàn'ny IRD ho ben'ny tanàna

Nisy ny fahatairana ho an'ny olona sasany eny Anosizato Andrefana, Antananarivo Atsimondrano, raha nahafantatra fa andriamatoa Randrianjafy Elidiot no voatsongon' ny teo anivon' ny Ird, fa ho kandidà ben'ny tanàna hitondra ny lokon' ny Volomboasary. Misy ny milaza fa fanipazana hodita akondro ny Filoha Andry Rajoelina ny fanolorana an' i Elidiot ho kandidà ben'ny tanàna ao Anosizato Andrefana. Araka ny voalazan'ny solontenam-pokonolona teny an-toerana, " tsy mbola nisy zavatra vitandRandrianjafy Elidiot mihitsy teny amin' ity kaominina ity. Ambonin'io, tsy mahafantatra akory ny olan' ny tanànan'Anosizato Andrefana izy, noho izy tsy mponina ao antoerana". Fantatry ny vahoaka fa eny Anosipatrana no monina ity mersenera pôlitika ity, fa tsy ao Anosizato Andrefana. Tsy misy fantany mihitsy ny momba ny kaominina sy ny tanàna ary ny mponina ao aminy, hoy ny fanambarana. Isan' ny manahiran-tsaina ny vahoaka koa ny fahafantarana ny toetran'ity kandida ity, izay maromaro ihany no nambaran'ireo mponina. Nanana olana ara-piaraha-monina koa izy tamin' ny fitondran-tenany tsy dia tsara loatra. Vokatr'izany rehetra izany, nandray fepetra ny tompon'andraikitra teo anivon' ny minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena, ka niafara tamin'ny famindran-toerana azy. Nesorina tsy ho talen-tsekoly izy sady nafindra toerana. Amin'ny maha mersenera pôlitika azy anefa, navadiny ny raharaha ka nambarany tamin' izany fa " noho izy mpikambana tao amin' ny Mapar, hono, ny namindrana toerana azy ". Isan' ny tena nahafantarana ity kandidà ben'ny tanàna ity koa ny maha merisenera pôlitika azy. Zary nataony fitaovana ny "Anefa" izay ivondronan'ireo mpampianatra Fram. Rehefa nahazo toerana anefa izy dia tsy hita intsony izay ezaka nataony, mba hahazoan' ireo namany tombontsoa.

### *Ny Valosoa sy fakafaka*

### Politika sy fifidianana

## Ahiana amin'ny hala-bato indray ny Ceni

Hiditra amin'ny fifidianana ben'ny tanàna ny firenena tsy ho ela. Vao miresaka fifidianana anefa dia mitodika avy hatrany any amin'ny Ceni mikarakara ny fifidianana ny vahoaka. Fanahiana avy hatrany no an-tsain'ny vahoaka noho ny zavatra hitany sy reny tamin'ireo fifidianana efa nandalaovana teo aloha. Teo ny fifidianana filoham-pirenena, ary nanaraka azy teo ny fifidianana solombavabahoaka. Tsy ho voafafa ao an-tsain'ny maro ny zava-nitranga tany amin'ny volana desambra n'inona n'inona ataon'ny fitondrana, ary mipetraka ho tantara izany. Nandray "anjara mavitrika" ao anatin'izany ny Ceni ary na dia nanao izao sy izao tamin'ny fiarovan-tena sy fanadiovan-tena samihafa aza dia fantatry ny vahoaka ny marina. Tsy horesahina eto aloha ny nataon'ny Hcc na dia lasa fitenin'ny vahoaka andavanandro aza ny amin'ny "azo raisina fa tsy mitombina". Tsy nisy izay tsy nahita fa tany amin'ny Ceni ny "baolina" tamin'ireny rehetra ireny. Nanomboka tamin'ny famoahana ny vokatra tsy ofisialy no nampiala ny fitokisan'ny vahoaka azy ny amin'ny fahamarinan'ny fifidianana, ary sary tsy miala velively io fa tsy atao ambany maso tsy hita. Tsy mbola voadion'ny Ceni hatramin'izao manoloana ny vahoaka, izay aloha no hita. Hiditra amin'ny dingana fahatelo amin'ny fifidianana ben'ny tanàna isika ankehitriny, tsy nisy fiovana ny kianja napetraky ny Ceni hilalaovana ho an'ny "mpilalao". Ary iaraha-mahita hatrany fa manaiky antsakany sy andavany izany ny rafitra antoky ny fahatomombanan'ny fifidianan'ny fifidianana sy ny famoahana ny vokatra ofisialy. Ny "mpijery", na ny vahoaka, anefa vonona hamaky bantsilana hatrany ny zava-miseho, fa tsy hampihemotra azy ny fiatrehana ny lalao ary vonona izy hitondra ny anjara birikiny amin'ny maha-mpilalao fahatelo azy ho amin'ny fandresen'ny mpilalao tohanany.

*Sôn'son*

Fianarantsoa renivohitra

## Dr Elysé Zanabahoaka no kandidàn'ny antoko TIM

Dr Elysé Zanabahoaka no kandidàn'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) ao amin'ny kaominina ambonivohitra Fianarantsoa, renivohitry ny faritra Matsiatra Ambony. Izy dia efa kandidàn'ny antoko tamin'ny fifidianana depiote. Noho ny fangatahan'ny fototry ny antoko dia izao izy mirotsaka ho ben'ny tanàna izao indray. Manamafy Dr Elysè fa : « araky ny tolon-kevitr'ireo mpikambana TIM Fokontany, izay nangataka ny tenako mba ho isan'ireo candidat hisafidianana izay hitondra ny anaran'ny antoko. Sy ny fanapahan-kevitry ny antoko nasionaly ny hitondrako indray ny faneva. Nisy ireo namana nanakana, nohon'ny antony maro isan-karazany. Tsy nolaviko ireny saingy tsy resiko ny fahavononana ara-politika sy fitiavan-tanindrazana efa velona tato anatiko. Izay no antony nilatsahako indray. Efa sahy, ary mbola sahy", hoy izy.

*Isambilo*



## Ny Valosoa sy hadihady

# Fanatotofana tanimbary eny Ambohitrimanjaka : politikam-pampandrosoana tsy marin-toerana

Tsy manaiky ny hanotofana ny tanimbariny ireo mponina tantsaha mpamboly eny amin'ny faritr'Ambohitrimanjaka iny. Niaraha-nahita sy nandre tsara ny feon'izy ireo tato ho ato izay, nihamafy hatrany. Hatreto aloha ny fanjakana tsy nahenoina feo momba ny amin'izay valin-teny homena ireo mponina ireo. Voalaza fa ny fitondrana dia mikendry hanao tetikasa lehibe amin'iny faritra misy azy ireo iny ary velaran-tany midadasika ihany amin'ireo tanimbary eny no hototofana. Ny adihevitra lehibe dia raha hototofana izany tanimbary izany, tsy maintsy hisy fiantraikany amin'ny fiainan'ireo mponina tantsaha mpamboly eny an-toerana izany. Iaraha-mahalala, fa fiveloman'ny mponina eny ny fambolem-bary sy voly hafa, ary tena fiainan'izy ireo mandavan-taona izany. Tsy manana fivelomana hafa ankoatra izany ny ankamaroan'izy ireo. Mety hisy tambiny ihany angamba ho an'ireo hampihena ny sahanasany amin'ny voly vary, mety hisy koa ny tsy hahazo mihitsy fa hiala maina. Hanao ahoana ary ny fiainan'izy ireo aoriana kely? Ny fiveloman'ireo, ao anaty vahoaka Malagasy, dia iaraha-mahalala fa ambany dia ambany. Ny tokony ho ataon'ny fitondrana aza dia mikaroka araka izay tratry ny sainy ny amin'ny hamahana ny olan'ireo mponina ireo, ka hanao izay hampitombo ny vola miditra ao amin'ny kitapom-bolany sy ny hampahatsara izay fiainam-pianakaviany. Hinia hikimpy amin'izay hiafaran'ny fiainan'ireo eo ve ny fitondrana amin'izay mahamay azy eo? Tsy ho ara-drariny sy hitsiny ihany raha mpanambola mpanefoefo vitsy an'isa eto amin'ity firenena ity ihany no mbola ho tovonana harena ary hahazo tombontsoa ao anatin'izany tetikasa izany. Tetikasa izay nanaovana angoan-tenda nandritry ny fampielezan-kevitra. Valo volana aty aoriana tsy hita soritra izany, hany ka may amin'izay mahamay azy ny tompon-kevitra. Tsy tokony hatao sorona anefa ny fiainam-bahoaka, fa tokony haseho fahendrena ny mitantana firenena. Tokony ho hita taratra ny paik'ady fanatsarana ny fiainan'ireo mponina ireo aorian'ny tsy fananany tanimbary hovoleny intsony, ary hiaraha-mahita eo izany. Izay no tena fahaiza-mitantana firenena.

Manana ny tantarany ihany koa iny faritra iny ary mifandray amin'i Betsimitatatra. Vao miteny an'io anarana io, dia fambolem-bary izany. Hihena izany ny voka-bary eny aoriana kely. Mety hisy fiantraikany amin'ny voka-bary avy aminy izany, izay efa fantatra ho mahavita izay vitany, fa tsy mahavita taona. Izany hoe hisy fiantraikany amin'ny efa mba fotoana kely vitany indray izany io voka-barin'ny vary aloha io, ary mila miomana amin'izany Antananarivo. Iaraha-mahalala tsara fa anisan'ny misy akony eo amin'ny fiainam-bahoaka eto an-drenivohitra io vokatra eny an-toerana io isan-taona. Na dia nolazaina aza fa hiezaka hanitatra tanimbary ho volena ny fitondrana dia zary manasalasala toy ny vozon'akoho ny fomba fiasa satria ny ary velomina, ny aroa vonoina. Mamono mamelona izany ary tsy mitondra mankaiza amin'ny fandrosoana, ary politika tsy marin-toerana.

**Sôh'son**

JEAN-LUCE RANDRIAMIHOATRA

# Fady ny fanotorana ny tanimbarin'Ambohitrimanjaka

Naneho hevitra momba ny tetikasa Tana-Masoandro fikasan'ny fitondrana hanototra ny tanimbarin'Ambohitrimanjaka, i Jean Luce Randriamihoatra, izay zanak'ity tanàna ity. Ny fanaovavana io foto-drafitrsa io hoy izy dia na mahafanina, na mahafaty. Ny tenin-dRay amandReny, hoy izy raha toherina, raha tsy mahafanina dia mahafaty ... indrindra narahin'ozona. Atsaharo ny manototra ny Sompitr'Ambohitrimanjaka sy Ambohidrapeto raha tsy te-ho kizo fara re! Avy masiaka mihitsy ireo tanora (iraka) hanely tsaho sy atsanga tsy aman' orana mba hanamarinana ny tetika hanotorana ny Tanimbarinay 1.068 ha. Ireto hevi-doza sasany atosik'izy ireo : tsy mahavita taona akory. Ny tany hafa afaka ambolena vary betsaka. Tsory fotsiny fa ny Vohitray mihitsy no tian-kafindra any lavitra any. Misy tanimbary ve ao Paris ? Raha ny honahona sy tanimbary ao anatin'ny CUA dia mihoatra lavitry ny velaran-tany tadiavin'ny Tanà-Masoandro, ka tsy ireo no tototrana. Ravao ary hanoreno "buildings" eny amin'ny "bas quartiers", ... Hanaovana tanim-biriky fotsiny ? Tsy mitombina avokoa ny fiarovan'izy ireo ity tetikasa ity. Izahay anie tsy mandà ny tetikasa Tanà-Masoandro, saingy ny toerana hametrahana azy no mamoafady hoy ihany Jean Luce Randriamihoatra. Fantatr'i Andry Rajoelina ve ny mahasoa ? Orinasa malagasy moa no hanatanteraka ny Tetikasa, ary sokajin'olona inona no hisitraka azy, amin'ity karama farany ambany ariary 200.000 ? Sy ny sisa, sy ny sisa... Hafatry ny Pape François ny tsy hanjakan'ny "Culture du privilège" ("ny avo ihany no ampiana sy tovonana"). Hafatry ny Papa Fransoà ny hanajana ny MAHA-MALAGASY, ka tsy ho voasariky ny rendrarendra ivelany. Fahavaloko, fahavalonao, fahavalontsika ... ireo manimba ny Tany, hoy ihany ity zanak'Ambohitrimanjaka sy Ambohidrapeto ity.



Jean Luce Randriamihoatra, zanak'Ambohitrimanjaka.

**Nangonin'Isambilo**

Mpanao gazety MBS

# Nodimandry ny alahady alina teo Herizo Rajaonarivony

Namoy ny ainy ny alin'ny alahady hifoha alatsinainy ny namana mpiara-miasa mpanao gazety ao amin' ny MBS, Herizo Rajaonarivony. Ny alatsinainy maraina teo ny mpiray vodirindrina aminy no nahatsikaritra ny vatana mangatsiaka tao amin'ny trano fonenany. Miandry ny fanadihadiana ataon' ny manam-pahefàna isika hoy ny mpiara-miasa aminy ao amin'ny vondrona MBS, ary miangavy izy ireo mba hajaina ny fiainana manokan'i Herizo satria mbola tohina tanteraka ny mpiara-miasa aminy sy ny fianakaviany amin'izao fotoana izao . Ny gazety Ny Valosoa vaovao dia mirary fiononana feno ho an'ny fianakaviana sy mpiara-miasa ao amin'ny MBS rehetra amin'izao namoizana an'i Herizo Rajaonarivony izao. Mandria am-piadanana leitsy ry Herizo !

**Helisoa**



Ny mpano gazety, mpaka sarin'ny MBS-TV, Herizo Rajaonarivony.

## NY TENY FIAINANA




*Romana 4:7*

*Sambatra izay voavela ny helony sy voasarona ny fahotany.*

facebook NY VALOSOA

## Fanamelohana mpanao gazety handoa onitra 10 tapitrisa Ar, didy jadona no misy

**Brice Ranaivosoa :** fanamelohana mpanao gazety handoa onitra 10 tapitrisa Ar, tena mizotra mankany amin'ny didy jadona ny fitondrana Rajoelina amin'izao fotoana.

**Arp Helisoa :** na afaka noho ny fisalasalana.aza ny tenako dia hafaliana tapany ihany izany satria ny namako Nadia sy Mahery asaina mandoa onitra 10tapitrisa Ariary tsirairay . Mankahery azy mianadahy fa ao andamosiny mandrakariva izahay.

**Ratovoson Judith Zafinandriampamonjy :** tena mampalahelo ny zavamisy , didy jadona, isika zany dia tsy maintsy manaiky na tian-kano na na tsy tiankano, courage , fa Andriamanitra tsy mba mijery ambony fa mahita ny ataon'ny tsirairay . courage e! Soa ihany fa efa nampakatra fitsarana ambony ny avocet, noho izany mihantona aloha ny didim-pitsarana nivoaka ny herinandro teo iny.

**Zou Andrian :** efa tena manampatra ny maha mpangalatra azy mintsy reo, dia ho an'iza hono izany ilay onitra, soa ihany fa mihantona aloha izany didy izany fa nampakatra ny raharaha ny avocet, Nadia, Mahery, ary Helisoa.

**Marthe Raharivelo :** firenena mahantra , mila vola e!

Jah'tiana Leibnitz Andriamandanirina : mankahery anareo hatrany, hampakaro hatramin'ny farany, mandra-pahafoana ny onitra mihitsy.

**Nirina Juliah Rzf :** mankahery anareo e! soa fa mihantona ny didim-pitsarana satria nampakatra fitsarana ambony ny mpisolovava, ary hampakaro hatramin'ny fara-tampony mihitsy raha mbola tsy mahafapo ny didy hivoaka e! aleo ho foana mihitsy ny fandoavana onitra.

**Tantely Randrianjafy :** ts rariny kosa zao e! zavamisy no notantaraina tamin'ny gazety fa tsy namorona izy ireo.

**Marie Léa Rajaonarison :** ny Fitsarana eto mihintsy no tokony tsy handray baiko fa hitsara ampahamarinana sy hatahotra an'Andriamanitra!

## TONONKALO

# Alefa Rina alefa Rina

Alefa Rina , alefa Rina,
Miandry anao ny renivohitra.
Tena haneho firaisankina
Hanampy anao ireo mpanohitra.

Mitsangàna mahereza
Ry tanora nofinidy.
Izy ity tsy ady seza,
Koa dia raiso re ny adidy.

Diso kajy iretsy ankilany,
Dadabe no mba natolony.
Hita ny fivaralilany,
Ka ho maina hatreo ny molony.

Tsy ny antitra efa goga,
Fa tanora no ilaina.
K'aza mihaino ny hogahogan'
Olona tsy dia misaina.

Miantso anao hanohy ny vina
Sy fanamby ny vahoaka.
Alefa Rina , alefa Rina
Fa isika tsy mitsoaka.

*DADAN'i RIANA (Septambra 2019)*

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Nanotrona ny Barea CHAN teny Mahamasina ny kandidan'ny TIM Rina Randriamasinoro.









FIAINAM-PIRENENA

## Vita hetreo ny fahafahana

Tsy azo erireretina ny hoe mbola hanjaka eto Madagasikara ny fahafahana, satria niniana nesorina tao amin' ny teny filamatry ny Repoblika fahaefatra ny teny hoe fahafahana, kanefa tamin'ireo Repoblika telo voalohany dia tao foana ny teny hoe fahafahana sy Tanindrazana. Tsy mahagaga anefa izany satria ny fitondrana tetezamita nanangana ny Repoblika fahaefatra dia ny fandorana sy fandrobana haino aman-jery no fomba nataony voalohany nakana ny fahefana, ary ireo mpitondra tetezamita ireo no nampiavaka azy dia ny fanagadrana mpanao gazety sy fanakatonana ary tsy fanokafana haino aman-jery. Ka inona tokoa no miseho fa dia ireny fampandoavana onitra mihoa-pampana mpanao gazety nitati-baovao ireny no porofo mitohoka amin' ny tendany fa tena nafoy tokoa ilay fahafahana. Fa tsetsatsetsa tsy aritra, ka ampahatsiahivina ny zava-nitranga tamin'ny fitondrana Rajaonarimampianina nisian'ny hetsika nataon'ireo mpanao gazety nitabataba hoe « handevina ny fahafahana », izay marihina f'ireo mpanao gazety akaikin'ny fitondrana amin'izao fotoana izao no lohandohany tamin'izany, ny nahatsikaiky dia andro talata no nokasaina natao ilay fandevenana, kanefa fadintsika malagasy ny mandevina talata, ny tena marina koa taorian'ny nahalany ny lalampanorenan'ny Repoblika fahaefatra dia efa maty ny fahafahana. Eto am-pamaranana dia tsotra ny hafatra mbola ho mafimafy kokoa noho izao ny mety hanjo ny mpanao gazety sahy milaza ny marina,tsy mampalain-komana ny mpanao gazety vonon-kijoro anefa izany satria manampetra ny zava-drehetra, ary aoka atao an-tsaina fa raha nitohy ny hazo tonga tany an-danitra ny voalavo.

***Ny Valosoa***

## Sakafo Ny Valosoa



**Henomby ritra sy sakamalaho** indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Akora Ilaina: hen'omby matavy na mahia, sakamalaho kely atao tetika madinika, tongolo gasy kely totoina, menaka, sira, tongolo maitso tetehina kely. Fomba fikarakarana azy: tetehina ny hena, miaraka arotsaka ny sakamalaho rapé, ny hena, ny sira ary ny tongolo gasy. Tapohana rano mandra-pahalemin'ny hena. Rehefa masaka dia asiana an'ilay tongolo maitso.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ireo fomba natoraly fiarovana amin'ny homamiadana

Ireo fomba natoraly fiarovana amin'ny homamiadana na cancer no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany:

1. Aza misotro dite mafana na zavatra mafana anaty kaopy plastika na zavatra plastika.
2. Aza mihinana zavatra mafana ao anaty fonosana na kitapo na sachet plastika. Ohatra: ovy frity, trondro frity, mofo vao avy nendasina mahamay be,...
3. Aza mahandro sakafo amin'ny "micro-onde" mampiasa fitaovana plastika. HO FAMPAHATSIAHIVANA: rehefa mifandray amin'ny hafanana ny plastika, dia miteraka "produits" simika izay mety hiteraka kansera karazany 52 izy.

- Aza ampiarahina amin'ny cola cola ny jus mananasy. Mahafaty ity fangaro ity.
- Mandraisa ary mamalia ny antso an-telefaonina amin'ny sofina havia (fa ny ilany ankavanana dia akaikin'ny atidoha tena marefo).
- Aza mitelina ny fanafody amin'ny rano mangatsiaka.
- Aza mihinana sakafo mavesatra aorian'ny 5 ora hariva (17h).
- Misotroa rano betsaka kokoa ny maraina, ary latsaka ny alina.
- Ny fotoana fatoriana tsara indrindra dia amin'ny 9 ora alina (21h) ka hatramin'ny 4 ora maraina.
- Aza mandry avy hatrany aorian'ny fihinanana fanafody na aorian'ny sakafo. Miandry fotoana kely 15 minitra.
- Rehefa ambany ny baterian'ny findainao amin'ny bar iray farany, dia aza mandray antso intsony, satria ny "rayonnement" dia 1000 heny sy mahery vaika.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Soalara any amin'ny distrikan'i Toliara II, faritra Atsimo Andrefana

Ny tanànan'i Soalara any amin'ny distrikan'i toliara II, faritra atsimo andrefana indray, no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina ambanivohitra ity tanàna ity, iva toerana ihany izy, satria 31 m eo ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Mpanjono, mpiompy ary mpamboly ny mponina any. Vokatra any ny haninkotrana isan-karazany. Mpiompy osy sy omby koa ny any an-toerana. Salare no anarany tany aloha, fa ny mpanjanaka Frantsay no nanova ny anaran'ity tanàna ity ho Soalara Sud taty aoriana.



# Message urgent reçu à Madagasikara le 16/09/2019

***AMOS 3/17 : « A vrai dire, MOI JEHOVAH LE GRAND ROI ne fais rien sans révéler mes intentions à mes serviteurs les prophètes »***

Chers humains sous le soleil du Sud, du Nord, de l'Ouest et de l'Est. Je suis le Créateur, Je suis le Bâtisseur. Je suis le Constructeur, Je suis aussi la Fin de l'Univers. La création se fait en un clin d'œil et l'anéantissement se fait aussi, en un clin d'œil. Voyez le Genèse 1 à Genèse 19/29, jusqu'à la fin de la création que J'ai entreprise. Lisez le livre de la Genèse sur l'histoire de Noé et l'histoire de la destruction de Sodome et Gomorrhe. Actuellement, Moi JEHOVAH, J'ai une servante comme Jérémie, Esaïe, Esdras, Néhémie, …, de par l'intermédiaire de laquelle Je puis vous révéler des choses cachées. Lorsque vous entendez des destructions, des exterminations ici et là, ce ne sont que le début des catastrophes, mais ce n'est pas encore la fin. ***Matthieu 24/6.*** Et pourtant, chers humains, vous semblez avoir confiance en vous, vous paraissez compter sur votre connaissance, vous vous appuyez sur votre argent et sur les richesses et trésors que vous amassez. Vous comptez sur votre intelligence qui n'est que des bribes. Vous paraissez compter sur votre force musculaire, sur votre héritage terrestre. Vous comptez sur le royaume qui peut s'écrouler ? Vous comptez sur des humains mortels ou sur des esprits qui ne viennent même pas de Moi-même. Vous avez confiance en la sagesse trompeuse, vous comptez sur les nations qui se prônent grandes. Vous paraissez compter sur mes chefs-d'œuvre ou vous croyez en des défunts, dont on ne se souvient même plus de leur existence dans ce monde. Vous espérez une bénédiction venant des idoles muettes, qui ne parlent même pas et à qui on ne peut rien attendre. Avez-vous pactisé avec les morts ? Ou de quelle malédiction êtes-vous atteints pour avoir quitté MA SAINTETE ET MA VERITE. Pourquoi vous vantez-vous sur des réalités passagères ? Pourquoi êtes-vous si orgueilleux ? Et vous vous dites avoir le nécessaire ? Je n'ai rien, Je ne vous dis rien et Je n'ai pas beaucoup de choses à révéler car l'Unique réponse est : ***Jean 3/16*** : *« Je vous ai tellement aimé que Je vous ai donné JESUS Mon Fils Unique. »* Lisez votre Bible. O ! Chers humains, Il est la première faveur tangible que les vivants sans exception devraient recevoir sous le soleil. Ceux qui ne croient pas, ceux qui ne reçoivent pas et ceux qui n'écoutent pas les prophètes seront exterminés. ***Il Chronique 20/20b*** : *« Confiez-vous en ses prophètes, et vous réussirez »* ***Actes des Apôtres 3/23***. Voilà les catastrophes qui vont INEVITABLEMENT se réaliser sous le soleil et J'en ai déjà révélé quelques unes dans les messages de révélations auparavant : L'EAU- LE VENT- LA TERRE ET LE FEU vont effroyablement se manifester ! A qui voulez-vous faire endosser la responsabilité ? Qui dites vous pointer comme responsable dans votre pays ? Lorsque ces natures sont en colère, elles exterminent. (Voir message GV57). Les faits inattendus frapperont imprévisiblement sous le soleil, les catastrophes suivantes surviendront inopinément sous le soleil de façon terrible.

- **L'EAU** : L'eau se rejoindra à la mer et inondera des agglomérations. Où va-t-elle se déverser ? Elle causera des destructions.

- **LE VENT SEC** : Atteignant jusqu'à **3km de rayon**. Le tourbillon provoquera un TSUNAMI terrible et effrayant. (Voir message GV 44)

- **LA CANICULE** : Elle frappera la terre et engendrera un escarpement du sol jusqu'à **3km d'ouverture et avec 0,5km de profondeur**. Elle sera accompagnée d'un terrible séisme. (Voir message GV 38, S35 du 13 Décembre 2018)

- **LE FROID** : Provoquera un entassement de neige et engendrera des avalanches et glissements de terrains. (Voir message GV 38)

- **LE FEU** : De source inconnue, même les herbes et le sol brûleront et qu'on ne peut pas éteindre. (Voir message GV 44)

- **LES GROSSES GRELES** : jusqu'à **125g**. Elles détruiront beaucoup de choses. La culture et les champs de culture, les toits. Elles provoqueront une maladie qu'on n'a jamais vu apparaître depuis que la terre a existée. Il n'y aura de remède que dans un seul pays au monde sous le soleil et seuls Ma Parole et Mes directives le révèleront (Voir message GV 38)

- **LA PLUIE DILUVIENNE** : Comme du temps de Noé. Elle changera beaucoup de choses sous le soleil. (Voir message GV 44)

- **GUERRE ENTRE LES GRANDES NATIONS** : Elles engendreront des migrations. Certains iront vers le Sud, les autres iront vers le Nord et pourtant, aucune direction n'apportera aucune satisfaction. (Voir message GV 44)

- **LES ANIMAUX SAUVAGES** migreront vers les villes et villages à cause des évènements qui se produiront sous le soleil (Voir message GV 38)

- **CONFUSION** des professionnels de la technologie. A cause des changements climatiques versatiles, la région la plus chaude connaîtra un grand froid, les régions les plus froides connaîtront une canicule (message déjà envoyé le 12/08/2018 du GV 59, et 88 Madagascar)

- **OBSCURITE** mondiale pendant **3 jours** : Elle provoquera beaucoup de changement sous le soleil aussi. (Voir message 48-10 et GV 45)

- Et enfin, **LA CONFUSION TOTALE** qui n'a jamais de pareil chez les humains car toutes choses seront bouleversées. Les faits seront chaotiques. Les pactes et contrats s'embrouilleront. Les gens vont s'entretuer. On n'aura plus de foi, tout le monde veut être chef, chacun veut être grand et maître. Chacun veut se montrer. (Voir message 12 et GV44)

Voici Ma Parole : ***Préparez-vous ô humains, Je vais établir Mon Fils JESUS ROI DE LA TERRE comme dans les royaumes ici-haut afin que Ma volonté soit faite avant la fin du monde. Préparez-vous car tous ces évènements sont très très proches, quasiment imminentes. Moi JEHOVAH, JE prends congé de vous. J'exige de vous l'Amour mutuel, le Pardon, la Repentance, la Reconnaissance en le Saint Esprit. Où irez-vous car mon temps arrive*** ? *« Priez sans cesse »* ***I Thessaloniciens 5/17***

Amen

JEHOVAH LE ROI ETERNEL

Téléphone : **+ 261 33 12 461 43**

COMPTES FACEBOOK :
- Situveu Lelouer
- Heistheone Waytoheaven

E-MAIL :
jehovahandriamanitra@gmail.com

**IVON'NY 70 TAONAN'NY MPAMONJY VOINAN'NY CUA**

# Misy ny paikady vaovao isorohana ny voina sy ny loza



*Moto Tsoriaka, fitaovana vaovao ampiasain'ny Mpamonjy voina.*

Tafiditra ao anatin'ny ivon'ny fankalazana ny faha-70 taonan' ny Vondrona Mpamonjy Voina ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), ny omaly, izay notanterahana teo amin'ny Parvis Analakely. Amin'ny maha Reny mpiahy ity Vondrona mpamonjy voina ity ny Ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana dia namome toro-marika sady nankahery ny mpamonjy voina ny Ben'ny Tanàna ary nankasitraka ny ezaka nataon'izy ireo . « Fitsipika, Fandavantena, Herimpo », io no teny filamatry ny mpamonjy voina nofidiana amin'izao fankalazana ny faha 70 taonany izao ary « Mpamonjy Voina sy ny vahoaka miara-mientana amin'ny fisorohana sy fanalefahana ary fiatrehana ny loza no teny filamatra ». Nanao antso avo amin'ny vahoaka koa ny ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana handray andraikitra feno hanaraka antsakany sy andavany ny toro-hevitra sy ny toromarika rehetra omena mikasika ny fisorohana ny loza. Efa misy rahateo ny paikady vaovao iarahan' ny rehetra hisorohana ny loza satria nitombo ny haintrano etsy sy eroa tato ho ato. Ankoatra ny tsodrano dia notoloran'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), nosoloantenan'ny Sekretera Jeneraly, Rina Randriamasinoro, moto mitsorika misy fitaovana entina mamonjy voina haingana ny vondron'ny mpamonjy voina ary mbola hahazo avokoa ny Boriboritany enina rehetra. Natomboka tamin'ny famelabelarankevitra ny fankalazana, narahana adihevitra tao amin'ny Lapan'ny Tanàna Analakely. Nivoitra ny olana sedrain'ny mpamonjy voina, toy ny tsy fahampian'ny isan'ny mpiasa izay 150 monja, toraka izay koa ny fitaovana ampiasaina. Manampy trotraka ny fahateren'ny lalana hamonjena ny traboina, ny fahanteran'ny fitaovana eo ampelan-tanana, sns… Narahana fitsidihana tranoheva ny fotoana ary nisy ny fampisehoana (Démonstration) notanterahana tetsy amin'ny Parvis Analakely. Marihana fa tamin'ny taona 1949 volana Janoary no niforonan'ny vondrona mpamonjy voina Antananarivo.

***Naina***

Mpitarika ny Zandarimariam-pirenena

# Nanampy ny Chapelle Militaire Protestanta any Antsiranana



*Ny fotoam-pivavahana tao amin'ny Chapelle Militaire Protestanta any Antsiranana ny alahady teo.*

Nanolotra vola 1 tapitrisa Ar avy ny jeneraly Sekreteram-panjakana miadidy ny Zandarimaria, Richard Ravalomanana sy ny Jeneraly Komandin'ny Zandarimariam-pirenena, mba hanampiana ny ezaka fanamboarana "plafond", na ny valin-drihan'ny chapelle militaire protestante, ao amin'ny Toby jeneraly Randrianasoavina any Antsiranana, nandritra ny fotoam-pivavahana ny marainan'ny alahady teo tany an-toerana. Ity chapelle protestante ity dia toerana natokana ho fitaizam-panahy ho an'ny miaramila sy ny fianakaviany ary ireo mpino manodidina any amin'ny renivohitry ny faritra Diana. "Izao rehetra izao dia miara-miasa hahasoa izay tia an'Andriamanitra", Romana 8:28 no loha-hevitry ny fotoam-pivavahana ny alahady teo io.

***Stefa***

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy, ary ireo izay mety hiantefany izao manaraka izao : nody hariva avy eny @ Horizon Ivato nihazo an'i 67ha aho omaly hariva, nandeha t@ digue ary nitondra fiara, scooter tsy latsaky ny 10 nifanena tamiko tsy misy jiro na aloha na aoriana, manao triple/quadriple monté, mitondra zaza. Tena lasa izao no miferin'aina mitondra fiara satria tena akaiky kely vao hita fa misy zavatra eo aloha. Tena ndao iara-ientana isika angataka ny amerenana ny contrôle sy fanasazian'ny police sy gendarme ireo moto tsy manara-dalàna ireo. Lasa isika mpitondra fiara no miafiafy satria dia emmerdement, vola lany hitsaboana azy, eny mety higadra ary, raha mahafaty an-dry zareo nefa tsy avy @tsika ny fahadisoana.Leo!

***Lantosoa Razafimahefa***
***Lot II-C……. Manjakaray, Antananarivo***

ADY AMIN'NY ASAN-DAHALO

## Dahalo 4 maty, omby halatra 100 tafaverina



*Fanarahan-dia nataon'ny zandary sy ny fokonolona tany Betroka.*

Kelivaho Betroka, faritra Anôsy, tafaverina ny omby halatra 1000, dahalo 4 lavo. Nifandona tamin'ny zandary mpiandry kizo ireo dahalo ampolony avy nangalatra omby miisa zato avy any Ambirimena Ihosy, lavo ny dahalo miisa efatra, azo avokoa ireo omby. Nisy trangana halatr'omby tao Ambirimena kaominina Ambatolahy Distrikanr'Ihosy faritra Ihorombe ny alin'ny sabotsy teo, tamin'ny 11ora alina. Raha vao nahazo fanairana ny Compagnie Betroka dia niezaka niandry ireo kizo rehetra fandalovan'ny dahalo sy omby halatra ao anatin'ny fari-piarovany, ka ny kizo tao Vohiposa, 15 km andrefan'ny kaominina Kelivaho Betroka, no nizoran'ireo omby. Raikitra avy hatrany ny fifandonana satria nanao tifitra variraraka ireo dahalo. Vokany, lavo ny dahalo miisa 4, ka navotsotr'ireo sisa ny omby halatra rehetra miisa 100. Velom-pisaorana ny tompon'omby very tao Ambirimena satria kinga fiasa sy manao sorana ny ainy ireo Zandary. Nankasitraka ny zandary avy ao Betroka manokana ny foibe fibaikoan'ny Zandarimariampirenena.

***Ny Valosoa***

Fitsarana

## Hanorenana fonja vaovao ny any Sambava



*Ny fanombohana ny asa hanamboarana ny fonja any Sambava.*

Ezaky ny fitondrana ny hametrahana ny fandriampahalemana manerana ny Nosy, satria raha goragora ny fonja dia mbola ho afaka hirehareha ireo mpanao ratsy, isika koa anefa dia mandala izany fanajana ny zon'olombelona izany, nefa ny ao amin'ny fonja Antalaha dia efa tafakatra roa arivo mahery raha tokony ho 285 no zakany. "Na dia nania aza izy ireny dia olombelona tahaka antsika ihany ka ny fitondrana mijoro amin' izao dia manaja izany zon'olombelona izany", hoy ny Minisitry ny fitsarana Randrianasolo Jacques, izay tonga niatrika ny fametrahana ny vatofehizon'ny fanorenana fonja tany Sambava ny faran'ny herinandro teo. Ity fonja ity dia atao hahazaka voafonja eo amin'ny 400 eo ary hahatritra hatramin'ny volana desambra 2019 ny asa. Nitodika manokana tamin'ireo mpandraharahan'ny fonja ihany koa ny minisitra mba hanaja ny zon'olombelona ary hanalavitra ny kolikoly.

***Naina***

Raharaha Sambo « Nosy Ilangy

## Manao tsindry hazolena ny Orinasa vahiny Island Dream any Nosy- be Hell-ville

Malahelo Andriamatoa Rasolotsiresy Serge Mpiandraikitra teknika ao amin'ny Orinasa Irandra S.A.R.L any Nosy be, izay tompon'ny Sambo Nosy Ilangy nohon'ny setrasetra ataon'Andriamatoa Gilbert Dailly, Mpandraharaha vahiny mitantana ny Orin'asa Island Dream's ao Nosy be ihany. Nilaza Andriamatoa Rasolotsiresy Serge, fa naato tampoka ny didim-pitsarana "Mandat d'amener" mamerina ny Sambo Nosy Ilangy, ho amin'ny tompony dia ny Orin'asa Irandra S.A.R.L. Nanohy nanazava ity Mpiandraikitra ara- teknika ao amin'ny Orin'asa Irandra ity fa nivarotra ny sambo any amin'Andriamatoa Erick Charle Ramatoa Olivia Mpiasan'ny Orin'asa Island Dream's. Nitondra ny raharaha teny anivon'ny Fitsarana ny Orin'asa Irandra S.A.R.L ary nahazo rariny taorian'ny fanadihadiana nataon'ny Zandarimaria tany an-toerana, fa ity farany no tompon'ny sambo izay namidin-dRamatoa Olivia. Nanohy nanazava Andriamatoa Rasolotsiresy Serge, fa nahazo "Mandat de dépôt" avy amin'ny Fitsarana any Nosy be Ramatoa Olivia sy Andriamatoa Erick Charles nohon'ny halatra izay nataon'izy ireo. Niditra an-tsehatra tampoka Andriamatoa Gilbert Dailly Mpandraharaha vahiny Mpitantana ny Orin'asa Island Dream's, fa azy hono ny sambo ary nandrahona an' Andriamatoa Rasolotsiresy Serge, izay tompon'ny sambo ara-dalàna izy. Nanohy nanazava ity Mpiandraikitra ao amin'ny Orin'asa Irandra S.A.R.L ity, fa nanantanteraka fanadihadiana lalina indray ny Fitsarana sy ny Zandary tany Nosy be mikasika ny Orin'asa Island Dream's izay mitono-tena ho tompon'ny sambo kanefa dia tsy misy "siege social" akory ity Orin'asan'ny Mpandraharaha vahiny ity. Vokatr'izany, tapa-kevitra namerina ny sambo ho an'ny Orin'asa Irandra S.A.R.L amin'ny alalan'ny "Mandat d'amener" ny Fitsarana kanefa dia mbola mihantona tampoka nohon'ny antso an-tariby nataon'ny "Procureur" iray izay nandrara ny famerenana izany ho an'ny Orin'asa Irandra S.A.R.L. Very fanahy mbola velona Andriamatoa Rasolotsiresy Serge nohon'ny fisian'ny fiovana tampoka nohon'ny hetraketrak'ity Mpandraharaha Vahiny ity.

***Franck Razakambelo***



*Mitaraina amin'ny tompon'andraikitra i Andriamatoa Rasolotsiresy Serge Mpiandraikitra ao amin'ny Orin'asa Irandra S.A.R.L izay tompon'ny sambo.*

Maroantsetra

## Tsy azo atao intsony ny sexy-show

Hoentitra ny fitondrampanjakana any amin'ny distrikan'i Maroantsetra, faritra Analanjirofo, manoloana ny fikarakarana ireo hetsika aman-danonana mamoafady mifanohitra amin'ny rafi-piarahamonina sy ny kolontsaina maha malagasy izay manomboka miha-mahazo vahana any an-toerana. Efa nisy ny dingana natao toy ny fampijanonana ny fikarakarana hetsika Sexy show, tao amin'ny toeram-pandihizana iray tany an-toerana, hisy ny fampahafantarana ireo lalàna mifehy ny zaza tsy ampy taona amin'ireo haino amanjery any an-toerana ato ho ato ary hiafara amin'ny fanasaziana ho an'izay mbola mandika lalàna.

***Stefa***



*Ny tananan'i Maroantsetra.*

Tarika Black Nadia

## Namoaka hira vaovao mitondra ny lohateny : "Zaho tsy hisaraka"



*Tsy mitsahatra mamoaka sangan'asany ho an'ny mpankafy i Black Nadia.*

Efa mivoaka eny amin' ny tambazotran-tserasera "Facebook sy You Tube" nanomboka ny herinandro teo ny raki-kira noforonin'ny mpanakanto Black Nadia, izay mitondra ny lohateny hoe "Zaho tsy hisaraka". Araka ny fanazavan'ny mpanakanto dia hiram-pitiavana tena misy, notsoahana avy amin'ny tantarana Mpivady izany. Nanohy nanazava i Black Nadia, fa nifototra tamin'ny fahatsapana ho an-dRavehivavy, fa arakaraka ny fisian'ny fijaliany nandritra ny fiainam-pitiavany vao mainka te hifikitra ity farany, lalim-paka ny fitiavan-dravehivavy, ka tsy afaka hamaly faty an-dralehilahy izy. Tsy afaka eny am-bavan'olona sahady ity raki-kira vaovao ity ary nampanantena tamin'ny mpankafy ity mpanakanto ity fa hivoaka tsy ho ela ny rakin-tsary. Misongadina hatrany i Black Nadia eo amin'ny Kanto Malagasy ary nanamafy ity farany fa tsy hisaraka amin'ny mpankafy mihintsy izy. Artista Vehivavy Malagasy tsy mety lefy no sady be mpanaraka ary vonona hanome ny soa sy ny kanto ho an'ny mpankafy. Marihina fa hiala sasatra kely amin'ny seho sehatra mandritra ny fotoana fohy i Black Nadia kanefa kosa tsy hisaraka velively amin'ny mpankafy azy.

***Franck Razakambelo***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

Ny ivon'ny fankalazana ny faha-70 taonan'ny Mpamonjy Voina eto Antananarivo Renivohitra.















